FANDRAISANA FEPETRA MAIKA

AVOTSORY ILAY KANDIDÀ HO FILOHAM-PIRENENA TEO ALOHA

Kendren'ny manam-pahefana Malagasy i Rabetsaroana Sylvain, senatera sy kandidà ho filoham-pirenena teo aloha. Tafiditra ao anatin'ny famoretana midadasika an'ireo olom-panjakana tamin'ny fitondrana teo aloha izany, tao aorian'ny fanonganam-panjakana tamin'ny 14 Oktobra 2025. Tamin'ny 14 Martsa 2026, nosamborina tsy ara-drariny izy nandritra ny fanafihana vao maraina tao amin'ny fonenany tao Antananarivo renivohitra. Nataon'ny miaramila, zandary ary polisy nitam-piadiana sy nisaron-tava izany, ary notazonina nandritra ny roa herinandro izy kanefa tsy nampahafantarina azy ny antony nitazonana azy. Voampanga ho nanao firaisana tsikombakomba heloka bevava izy taorian'izay, ary voampanga hanana fitaovam-piadiana tsy ara-dalàna (basy iray izay toa napetraka an-kolaka), ary voampanga hanandrana hamono ny Filoham-pirenena ihany koa. Mbola tazonina am-ponja vonjimaika ao amin'ny fonjan'i Tsiafahy izy, izay feno hipoka, sady misy ahiahy lehibe ny amin'ny fahasalamany izay miharatsy. Tsy maintsy esorin'ny manam-pahefana Malagasy ny fiampangana rehetra atao amin'i Rabetsaroana Sylvain ary avotsorina avy hatrany izy, satria notazonina noho ny fampiharany am-pilaminana ny zony maha-olona ihany.

MIHETSEHA: MANORATA FANGATAHANA AMIN'NY TENINAO NA AMPIASAO ITY TARATASY MODELY ITY

Filohan'ny Fanavaozana ny Repoblika
Randrianirina Michael
Lapan'ny Iavoloha, Antananarivo 101, Madagasikara
Email: spprm@presidence.gov.mg

Andriamatoa Filoha Randrianirina,

*Tena manahy mafy aho noho ny amin'i **Rabetsaroana Sylvain**, senatera sy kandidà ho filoham-pirenena teo aloha, izay 69 taona. Tamin'ny 14 Martsa 2026, tokony ho tamin'ny 4 ora maraina, ny Kolonely Andriamiarisioa Gervais, niaraka tamin'ny miaramila, zandary ary polisy nitam-piadiana sy nisaron-tava sahabo efa ho mi-isa 25, dia nanafika ny fonenan'i Rabetsaroana Sylvain tao Antananarivo renivohitra, na dia tsy nisy didy fikarohana aza. Nandritra ny hetsika, nopotehiny ny fakan-tsary fanaraha-maso (camera de surveillance) tao amin'ny fonenana ary nolaviny tsy hahazo miditra ao an-toerana ny mpisolovava an'i Rabetsaroana Sylvain sy ny mpampihatra didim-pitsarana (huissier). Rehefa vita ny fanafihana, dia nentiny tany amin'ny sampana misahana ny heloka bevava (Brigade Criminelle) i Rabetsaroana Sylvain, ka notazonina tao nefa tsy nampahafantarina azy ny antony nisamborana sy nitazonana azy. Tamin'ny 27 Martsa 2026, voampanga tamin'ny fomba ofisialy izy ho nanao firaisana tsikombakomba heloka bevava, nanana fitaovam-piadiana tsy ara-dalàna ary nanandrana hamono anao, Andriamatoa Filoha. Raha voaheloka amin'ireo fiampangana ireo i Rabetsaroana Sylvain, dia mety hogadraina mandra-pahafatiny.*

Toa misy antony politika ity raharaha ity, satria ilay basy iampangana azy ho nananany tsy ara-dalàna dia mety ho nisy nametraka an-kolaka tao amin'ny fonenany, taorian'ny nandravana an-kahalalahana ny fakan-tsary fanaraha-maso teo an-toerana nandritra ny fikarohana. Marihina ihany koa fa ilay mpanao fanadihadiana izay namaky ny fiampangana taminy sy ireo havany izay teo dia niaiky fa : "foana ny antontan-taratasy, fa avy any ambony ny baiko", izay manamafy fa raharaha misy antony politika tokoa ity.

Ny raharahan'i Rabetsaroana Sylvain dia maneho ny fomba fanao famoretana mitohy izay mikendry, mampihorohoro, manorisory ary mamoritra ireo olom-panjakana teo aloha nifandray tamin'ny fitondrana politika teo aloha, ireo mpitsikera, ary ireo tanora mpanao hetsika, hatramin'ny nahatongavanao teo amin'ny fitondrana tamin'ny volana Oktobra tamin'ny taon-dasa. Tamin'ny 27 Martsa 2026, nafindra toerana i Rabetsaroana Sylvain ao amin'ny fonjan'ny Tsiafahy, izay feno hipoka tanteraka, izy, ary mbola voatazona ao izy hatramin'izao, ka miandry fitsarana. Ahiahiana manokana ny fahasalamany izay miharatsy noho ny aretim-po efa nisy taloha izay mila fitsaboana ara-potoana. Herinandro monja taorian'ny nisamborana azy, dia niharan'ny fampihorohoroana sy fikarohana tsy ara-dalàna ihany koa ny havany, ka vokatr'izany dia nandositra

niala ny firenena ny ankamaroany ankehitriny.

Miantso anao sy ny governemantanao aho mba hanaisotra ny fiampangana ary hamoaka avy hatrany an'i Rabetsaroana Sylvain. Eo am-piandrasana ny famoahana azy, dia mangataka aminao aho mba hamela azy hahazo avy hatrany ny fitsaboana rehetra ilainy ary hiantoka fa mifanaraka amin'ny fenitra iraisam-pirenena momba ny zon'olombelona ny toe-piainany an-tranomaizina. Mangataka aminao ihany koa aho mba hampitsahatra ny famoretana mitohy atao amin'ireo olona mifandray amin'ny fitondrana politika teo aloha ary hiantoka ny fanatanterahana feno sy mahomby ny zon'olombelon'ny olona rehetra eto amin'ny firenena, raha mizotra mankany amin'ny fifidianana filoham-pirenena amin'ny taona ho avy ny firenena.

Mankasitraka indrindra,

FANAZAVANA FANAMPINY

Ny manam-pahefana miaramilan’i Madagasikara dia naka fahefana tamin'ny 14 Oktobra 2025 taorian'ny hetsi-panoherana notarihin'ny tanora tamin'ny 2025 izay nitaky fanatsarana ny tolotra ho an'ny vahoaka, indrindra ny fahazoana rano sy herinaratra, ary koa fitantanana mahomby kokoa sy ho an'ny rehetra.

Na dia nampanantena fanavaozana aza ireo manam-pahefana vaovao, dia vao mainka nampitombo ny famoretana izy ireo, tamin'ny alalan'ny filazana fa miady amin'ny kolikoly tsy misy fandeferana, ary nampiasa fanenjehana tsy ara-drariny sy fiampangana malalaka toy ny firaisana tsikombakomba heloka bevava, fandrahonana ny filaminam-pirenena ary fanakorontanana mba hikendrena sy hampanginana ireo tanora mpanao hetsika Gen Z, mpikambana ao amin'ny fiarahamonim-pirenena ary ireo mifandray amin'ny fitondrana teo aloha.

TENY AFAKA AMPIASAINA: Frantsay, Malagasy
Afaka manoratra amin'ny fiteninao ihany koa ianao.

MBA MANORATA HAINGANA ALOHAN'NY: 1 Desambra 2026
Mba mifandraisa amin'ny biraon'ny Amnesty ao amin'ny firenenao raha handefa fitarainana aorian'io daty io.

ANARANA SY MPISOLORANA: Rabetsaroana Sylvain (lahy)